# TORITENY -FIANAKAVIANA  MASINA– TAONA D 2024




## *Mifohaza hianao, ka ento ny Zazakely sy ny reniny*

Ry Kristianina havana, mankalaza manokana ny Fianakaviana masina isika androany dia ny fianakaviana nisy an'i Jesoa, Maria ary Josefa. Fianakaviana masina no iantsoana azy satria eo anivony Ilay Masina dia i Jesoa. Raha eo anivon'ny fiainantsika tokoa, eo anivon'ny fianakaviana, i Jesoa dia ho masina ny fianakaviantsika tsirairay ary izany no mahatonga antsika milaza fa Eglizy kely ny fianakaviana. Eglizy satria misy an'i Jesoa, Eglizy satria hiarahantsika mivavaka, Eglizy satria handalinantsika ny finoana amin'ny maha Kristianina antsika, Eglizy satria hijoroantsika vavolombelona manambara tahaka ny Fianakaviana masina izay eo anivony i Jesoa. Eglizy satria manompo sy manasoa ny hafa tahaka ny Fianakaviana masina tao Nazareta.

Raha mankalaza ny fianakaviana masina isika androany dia tsy hoe mahatsiaro ilay fianakaviana masina tao Nazareta fotsiny fa noho ny fanentanan'ny FanahyMasina dia tsaroantsika koa ny fianakaviantsika tsirairay avy ary tena mifandray tokoa amin'ny fankalazana ny Noely izao fankalazana izao satria ny dikan'ny Noely dia Emanoela izany hoe Andriamanitra eo anivontsika.

**Vakitenyl :** Ekl. 3:2-6,12-14,
**Tononkira :** Sal. 128:1-2,3,4-5,
**Vakitenyll :** Kol. 3:12-21,
**Evanjely :** Mt. 2:13-15,19-23,

Koa izany Fianakaviana masina tao Nazareta izany no irintsika ho modelin'ny fianakaviana tsirairay avy mba ho eo anivontsika tokoa i Jesoa.

Tsy lavitra i Jesoa ary dia mifanaraka tsara amin'izao jobilin'ny fanavotana izay iarahantsika mankalaza izao. Araka ny averimberintsika ny taon-jobily dia taona fitsaharana ka iarahan'ny rehetra miangona, mivory. Io ny nahatongavan'ny teny hoe Eglizy, Fiangonana... Eglizy miara-dalana ary rehefa miara-

dalana mivory dia mifamela, mandray ny famindrampon’Andriamanitra ka zary mpiray tampo, Olo Araiky, Fratelli Tutti atambatry ny fihavanana, ilay Fihavanana nentin’i Kristy ka manasitrana tokoa izany hoe mifanasoa sy mifampitsimbina ka mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana. Sambatra isika eto amin’ny diosezy fa tsy Isika tokoa fa ny fahasoavan’Andriamanitra miaraka amintsika... Asa raha tsikaritrareo Ry Kristianina havana fa Andriamanitra tokoa no mitantana antsika. Raha manao ny asan’Andriamanitra isika dia Izy no manao ny asantsika. Jerentsika raha nanapa-kevitra isika taorian’ny filan-kevitra pastoraly fa hanao Sinaody, Sinaody faha-7 hivelomana ny vokatry ny sinaody faha 6 dia ny fahaizantsika mampitraotra ny finoana sy fiainana andavanandro mba hahatonga antsika handray an-tanana tokoa ny fiainan’ny diosezy ary miainga any amin’ny fototra dia ny fianakaviana, “Eglizy kely”. Inona ny zava-nisy ? Taorianakelin’izay no niantso Sinaody iombonana ny Papa ary niangaviany mba hanomboka any amin’ny diosezy ny dinika rehetra ka vao vita teo. Ny antsika kosa mbola mitohy satria eo amin’ny fijanonana faha-3 isika izao. Rehefa nampanomana izao taon-jobilin’izao ny Papa dia niantso ny taona 2024 ho taom-bavaka lehibe hanomana antsika hiditra amin’ny jobilin’ny famonjena. Tsy afaka nanao ny KEN isika tamin’ny 2020 satria niakatra ny Covid izany nantsointsika KORONTANAVIRUS.... Tsy misy tokoa ny kisendrasendra ary nataon’Andriamanitra hahasoa izay tiany izao rehetra izao.... Nanapa-kevitra ny Eveka fa atao aty Antsiranana ny KEN 2024. Nifanojo amin’ny taom-bavaka nefa araka ny fantatsika ny EOKARISTIA NY LOHARANO SY FOTOTRY NY VAVAKA KRISTIANINA. Tsy afenina fa fanehoam-pinoana goavana no nataontsika ary hita fa sitrak’Andriamanitra izany. Maro ny sakana ary misy tena goavana... Sitrak’Andriamanitra ny nataontsika ka nasehon’Andriamanitra amin’ny tso-po sy madinika ny voninahiny ka indro isika miditra amin’izao taon-jobily izao ka aoka hofohazintsika ny finoantsika izay mety mbola matory. Mino aho fa samy mbola mahatadidy isika tamin’ny fotoan’ny Covid raha nivavaka teo anivon’ny kianjan’i Md Piera ny Papa no nilaza : “tsy Jesoa no matory fa ny finoantsika fa raha mifoha ny finoantsika dia ho tony ny samboaravoaran’ny ranomasina mila handrendrika ny sambom- piainantsika...” Izany izao taon-jobily fotoana entintsika hampifoha ny finoantsika izao ka hahatonga antsika tokoa ho Mpivahinin’ny Fanantenana... Manana modely isika... Banjino ny Fianakaviana Masina .... Haintsika fa tena Mpivahinin’ny fanantenana tokoa niatrika ny adim-piainana. Azontsika raisina ny tsirairay na i Josefa na i Maria... Izy ireo tokoa ny mpivahinin’ny fanantenana voalohany... Maro koa ny sedraintsika amin’izao fohazy ny finoantsika dia ho mpamafy fanantenana, fihavanana, fiadanana koa isika.

Izany no hivavahantsika androany mba ho fianakaviana misy an’Andriamanitra tokoa ny fianakaviantsika ka zary fanantenana ny fiainantsika. Tohizantsika ny ezaka efa nataontsika mba ho fianakaviana masina isika : anisan’izany ny fametrahantsika ny lakroa ao amin’ny tokantranontsika, ny fandraisantsika ny baiboly, ny fanaovantsika isaky ny Sabotsy ho andron’ny fivavahana ka miaraka mivavaka ny fianakaviana.

Tsara hodinihina ihany koa amin’izao fankalazana ny Fianakaviana masina izao araky ny fampianarana sy fanentanan’ny Eglizy amin’ny vavaka henontsika tamin’ny fiandohana ny Eokaristia “Ry Andriamanitra Andriananahary mora fo, nomenao ho tahafinay ho ohatra tsara mamirapiratra ny Fianakaviana masina “

**Inona àry ny ohatra velona azontsika sintonina amin'izao fankalazana ny Fianakaviana masina izao mba ho fianakaviana Mpivahinin'ny Fanantenana isika ?**

Maro ny ohatra tsara tiana asongadina sy ny toetra tsara izay azontsika tarafina ary horaisintsika modely amin'ny alalan'ny Fianakaviana masina, anisan'izany ireto efatra manaraka ireto :

1- Fianakaviana mivavaka ny fianakaviana tao Nazareta. Fantatsika fa tsy nitsahatra nanao ny fivahinianana masina tao Jerosalema izy ireo. Na dia tsy mbola nisy aza ny teny Mpivahinin'ny Fanantenana dia efa niaina izany ny Fianakaviana Masina. Ary anisan'ny anankiray tamin'izany ny nanaovan'i Jesoa fanambarana tao an-tempoly hoe "Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo, hirahina hitory ny Vaovao mahafaly aho".... Aoka àry isika hanararaotra an'ity taon-jobily ity hanaovana fivahinianana masina mba handraisantsika mianakavy ny "indulgence plénière".

2- Josefa raim-pianakaviana, ohatra amin'ny fitiavam-bady sy fitiavan-janaka ary amin'ny asa atao. Mpandrafitra no nahafantarana azy ary dia nivelona tamin'izany izy. Nanompo sy nanao soa ny manodidina azy izy araka izany talenta nomen'Andriamanitra azy izany. Izany koa no ohatra ho antsika : aoka ny raim-pianakaviana rehetra mba ho lehilahy marina tia vady sy hamelona ny vady aman-janaka ao anatin'ny fahamarinana sy fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny. Ny tena nampiavaka an'i Md Josefa ary hasongadin'ny Evanjely na dia tsy nisy teny nataony. Lehilahy Marina. Araka ny averimberin'ny hafatry ny Eveka : Mahantra Madagasikara tsy noho izy tsy misy harena... Maro ny harena eto Madagasikara... tsy hoe izy tsy misy manam-pahaizana? Maro ny manam-pahaizana eto?... Mahantra Madagasikara satria mahantra olomarina... Enga anie izao fankalazana ny Jobily izao mba ho Mpivahinin'ny fanantenana isika Malagasy ka hamafy fahamarinana rariny sy hitsiny tahaka an'i Md Josefa.

3- Fianakaviana manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra. Fianakaviana mino an'Andriamanitra ary miombona tanteraka ka miaraka manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra. Masina io Fianakaviana io satria eo anivony i Jesoa ary amin'ny alalan'izany no hanatanterahany ny sitrapon'Andriamanitra. Aoka isika hahay hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika.

4- Fianakaviana mahay mifanaja. Antitranterin'ny vakiteny voalohany izany ao amin'ny bokin'i Siraka, ohatra ho antsika koa ny Ray aman-dreny manaja zanaka, ny zanaka manaja Ray aman-dReny. Azo lazaina fa tamin'ny alalan'ny fifanajana no niainan'ilay Fianakaviana masina tao Nazareta. Indrisy amin'izao androntsika izao ny fifanajana eo anivon'ny fianakaviana dia toa mihena sy goragora. Miteraka olana eo amin'ny fianakaviana izany satria tsy eo intsony ny fifanajana. Ny zava-misy aza dia matahotra ny zanaka ny Ray aman-dreny. Nefa araka ny bokin'i Siraka, io fifanajana io no mitondra amin'ny fahasambarana. Raha tiantsika ho sambatra ny fianakaviantsika dia aoka hitoetra eo anivontsika mandrakariva ny fifanajana. Mifanaja isika raha fianakaviana mivavaka ary raha mivavaka isika dia eo anivontsika Andriamanitra. Izay feno fanantenana dia olona vonona mifanaja. Ny Mpivahinin'ny fanantenana dia manaja ny tontolo iainana, mifanaja eo anivon'ny fiainana andavanandro ary feno haja an'Andriamanitra loharanon'aina.

Fanomezan'Andriamanitra ny fahendrena ka izany no mahatsara ny hivavahantsika. Manamafy an'izany ny fampianaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, taratasy ho an'ny kolosiana "Aoka

hitafy an'i Kristy isika, hitafy ny fitiavany izay feno ny hatsaram-panahy rehetra." Satria mitafy an'i Kristy isika ka mitafy ny fitiavana ka zary Mpivahinin'ny fanantenana mamafy fiadanana, fahamarinana ary fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao.

Araka ny efa nolazaintsika teo dia hataontsika eo anivon'ny fiainantsika ary ho ivom-piainantsika i Kristy ka amin'izay ny ankohonam-piainantsika ho Eglizy tokoa, Eglizy kely mifanaja, mifanao soa ary dia zary fahazavana sy fanasina isika ho an'ireo manodidina antsika.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, nanaiky ho tonga olombelona Ianao ary dia mbola anatin'ny fankalazana ny Noely izahay. Emanoela ianao, Andriamanitra eto anivonay ianao, koa enga anie ho eo anivon'ny fianakaviana tsirairay ka amin'izay hahalala ny faran-tampon'ny fahalalana izahay dia ny fahendrena. Raha feno fahendrena izahay dia hanao ny marina, hifanaja, hifanao soa, hiasa, hanatanteraka ny sitraponao ka zary fahazavana sy fanasina ho an'ireo manodidina anay. Arotsahy amin'ny fianakavianay tsirairay avy ny tsodranonao ka hitoetra sy hivelatra ary hamokatra ho an'ireo manodidina anay izahay. Masina Maria Reny Ianao no Mpivahinin'ny fanantenana voalohany satria namakivaky ny havoana sy lohasaha ianao nandeha nitondra an'i Jesoa tany amin'i Elizabeta. Ampianaro izahay ho vonona hahafoy tahaka anao ka hiroso koa handeha hanambara ny Evanjely dia i Jesoa amin'ny manodinana anay. Md Josefa ianao no Ray Mpiaro an'i Jesoa, Mpiaro ny fianakaviana ary nitondra azy tany Ejipta. Mivavahà ho an'ny raim-pianakaviana mba ho vonona hiaro ny fianakaviana amin'ny alalan'ny fijoroana amin'ny marina sy amin'ny ezaka rehetra hamelona azy. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson